


Aleho aloha tsorina ny marina. I Rémi na koa Djao Jean no any tena solombavambahoaka voafidy foana any aminy. Any Antsohihy any amin'ny faritan'i Mahajanga izany. Asa efa in-efatra angamba izy no voafidy. Ankoatra ny naha CST azy tao amin'ny tetezamita farany iny (2009-2013). Tadidinareo ilay volavolan-dalàna momban'ny toaka gasy hoe azo amidy ankalalahana tamin'ny fitondrana Ravalomanana (tsy lany mihitsy io lalàna io nefa tsara ilay hevitra)? Ny dikany dia mihoatra ny 20 taona izy izany no *«niasa»* tao amin'ny Lapan'ny Antenimierampirenena ao Tsimbazaza. Izay angaha no nahatonga azy nieritretitra ny resaka *«caisse de retraite»*
na vata fisotroan-drono ho an'ny solombavambahoaka? Asa.

Fa tamin'ny fivoriana ara-potoan'ireo solombavambahoaka mamarana ny taona 2017 dia narosony tokoa ny volavolan-dalàna laharana 004-2017-PL momban'ny hoe *«création et règlementation de la caisse de retraite parlementaire, présentée par le Député de Madagascar, Rémi dit Djao Jean, vice-président de l'Assemblée nationale».*
Rehefa nihemotra indray mandeha ny fandaniana azy io -mahay sarimihetsika be ny ao Tsimbazaza ao mantsy- dia lany soa aman-tsara io volavolan-dalàna io ny Alakamisy 7 desambra 2017, rehefa nasiana
*«fanitsiana»*
avy any amin'ny governemanta. Fa dia mampiaiky tokoa aloha ny fahaizan'ny sasany manafangaro ny tsy tokony afangaro.







DIA TSY TAHOTRA TSY HENATRA IHANY KOA INGAHY DJAO JEAN.

La Gazette de la Grande Ile

Et ça continue, encore et encore...

BNGRC
L'esprit HVM dans l'humanitaire

Ça passe et ça repasse !

Des éléments des forces de l'ordre impliqués !

Des méthodologies inefficaces

"On ne peut plus rien espérer du régime !"

Des cactus à la place des sapins